

FANOMBANANA HAINGANA NY FAHASALAMANA SY ZO ARA-PANANAHAN'NY ZATOVO TANY FOULPOINTE MADAGASIKARA

JANUARY 2022



FISY FAMPAHAFANTARANA

Mirakitra ny fintin'ireo hita nandritra ny fanombanana haingana ny fahasalamana sy zo ara-pananahan'ny zatovo natao tany Foulpointe ity fisy fampahafantarana ity. Fanadihadiana izay natao tamina firenena valo¹ ny Novambra 2019 hatramin'ny Desambra 2020. Mikendry ny hanamafy ireo ainga sy ezaka ataon'ny tanora amin'ny fampiroboroboana ny fahasalamana sy zo ara-pananahana amin'ny alalan'ny fitantanana ifotony mandala ny miralenta sy ireo tanora ity fikarohana ity. Kaominina ivon-toerana mendrika folo no nanaovan'ny Gender Links Madagascar izany.² Tany Foulpointe izay toeram-pizahantany, toeram-pitsaboana iray no voakasiky ny fanadihadiana; 201 ireo namaly: 51% tovovavy ary 49% tovolahy (jereo ny tabilao etsy ambany). Tokony hovakiana miaraka amin'ny bobikelin'i Madagasikara mikasika ny fanombanana haingana ny fahasalamana sy zo ara-pananahan'ny zatovo sy ny tatiitra feno momba ny fandalinana natao tany amin'ireo firenena valo ity fisy fampahafantarana ity. Toy izao ireo zava-dehibe hita, vokatra azo nandritra ny fanadihadiana:

Ny amin'ny fahafahana misitraka

- Tanora maro (76%) tamin'ireo nohadihadiana no nitatitra fa manana tobim-pahasalamana anatin'ny 10 km miala ny tranony.
- Mihoatra ny atsasamanila (55%) no nanaiky fa misokatra ny tobim-pahasalamana aorian'ny ora fianarana.
- Taha ambony (72%)-n'ireo tanora namaly no nanamafy fa misokatra ny tobim-pahasalamana rehefa faran'ny herinandro.
- Saika ireo tanora rehetra (90%) no nilaza fa ahazoana aina tsara ny toerana fiandrasana sy fizahana marary ao amin'ny tobim-pahasalamana.
- 9%-n'ireo tanora no nanamafy fa andovambola amin'ny sarany \$2 ireo tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana.

Kalitaon'ny fikarakarana

- Saika ny rehetra tamin'ireo mpamaly (98%) no nilaza fa voahaja ary ihany koa nanamafy fa manokana fotoana ampy tsara miaraka amin'ireo tanora ny mpiasan'ny fahasalamana.
- Nahazo ireo fampahalalana mifanaraka tamin'ny filàny ny ankamaroan'ireo tanora nohadihadiana (93%).
- Ampahany ambony tamin'ireo tanora (79%) no namaly fa nisy ny tsiambaratelo tamin'izy ireo sy ny mpiasan'ny fahasalamana.
- 76%-n'ny tanora no nifanena tamin'ireo mpanolon-tsaina olon-tsahala.
- Mahery ny atsasamanilan'ny nohadihadiana (57%) no nitatitra fa tena voazaha manokana.

- Latsaky ny atsasamanila (47%)-n'ireo tanora ihany no nahazo ireo tolotra tsy nila fanatrehana olon-dehibe. Tamin'ireo kaominina nanaovana fanadihadiana, Foulpointe no latsaka ambany indrindra amin'ny tsy fandraisana ireo tanora raha toa ka tsy miaraka amin'ireo Ray aman-dReniny na ireo mpiantoka.

Tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana

- Vitsy ireo tanora (21%) nangataka tolotra momba ny fanabeazana aizana, ary 41% tamin'izy ireo ihany no nahazo izany: tena mbola mila ezaka goavana ny famaliana ny fangatahan'ireo tanora amin'ny maha singa iray lehibe ny fisitrahana fampiasana fanabeazana aizana anatin'ny sehatra fahasalamana sy zo ara-pananahan'ny zatovo.
- 9%-n'ireo tovovavy tany Foulpointe no nangataka fitiliana fitondrana vohoka (isan-jato ambany indrindra ho an'ireo kaominina teto Madagasikara). 4%-n'izy ireo no voamarina fa bevohoka nandritra ny fotoana nanaovana ny fanadihadiana: taha ambony izay mety ho vokatra ny fisalalanan'ireo tanora hampiasa fanabeazana aizana noho ireo sakana maro (tafiditra amin'izany ny tsy fahampian'ny fahalalana sy ny fahafahana misitraka feno ireo tolotra).
- 3%-n'ireo tovovavy ihany no nangataka salaka tamin'ireo mpiasan'ny fahasalamana, mety noho ny fahafantarany fa mila mividy vao mahazo izany. Na izany anefa, nahazo izany avokoa ireo rehetra nangataka: tondro maneho fa misy tokoa ny ezaka amin'ny famatsiana salaka maimaim-poana eny anivon'ireo tobim-pahasalamana.
- Amin'ireo tovolahy 15% nangataka ho atao famorana (angona rehetra), izay voaporofa fa mampihena be ny fifindran'ny VIH SIDA, saika nahazo fotoana hanatanterahana izany avokoa (93%) ireo rehetra nitaky.
- 29%-n'ireo tanora no nangataka hanao fitiliana VIH, ka 98%-n'ny nangataka izany fitiliana izany dia nahazo avokoa.
- 13% tamin'ireo nohadihadiana no nangataka hanao ny fitiliana ireo aretina azo avy amin'ny firaisana aranofo ary 96% tamin'ireo no nahazo soa aman-tsara ny fitiliana.
- 6%-n'ireo tanora namaly no nangataka ireo fanafody hanalefahana ny fivoaran'ny tsimok'aretina VIH ary ny 60% tamin'ireo no nahazo izany. Amin'ny ankapobeany hita eny amin'ireo hopitaly eny anivon'ny distrika ireo fanafody hahafahan'ny olona miaina miaraka amin'ny VIH SIDA eto Madagasikara.
- Ny ankamaroany tamin'ireo tanora (81%) no nanaiky fa manontany mikasika ny fahasalamana ara-tsaina ireo mpiasan'ny fahasalamana. Isany firosoana goavana satria tena mifaningotra tanteraka ny fahasalamana sy zo ara-pananahan'ny zatovo sy ny fahasalamana ara-tsaina.

¹ Botswana, Eswatini, Lesotho, Madagascar, Maorisy, Afrika Atsimo, Zambia ary Zimbabwe.

² Andoharanomaitso, Anjozorobe, Antananarivana, Bongatsara, Fort-Dauphin, Foulpointe, Mahajanga, Manjakandriana, Moramanga ary Toamasina.

RAHA MILA FANAZAVANA FANAMPINY Tsidiho ny:

<https://genderlinks.org.za/what-we-do/governance/local-action-for-voice-and-choice/>

Tsipirian'ny fifandraisana: Gender Links Madagasikara

Adiresy: Immeuble le Premium, ex village des jeux Ankorondrano, Antananarivo

Tel: +261328732519



TAREHIMARIKA FOTOTRA AZO TAMIN'NY FANOMBANANA HAINGANA NY FAHASALAMANA SY ZO ARA-PANANAHAN'NY ZATOVO TANY FOULPOINTE MADAGASIKARA

Tondro	Foulpointe	CSB II Foulpointe
Totaly	201	201
%Vehivavy	51%	51%
%Lehilahy	49%	49%
Mahakasika ny tobim-pahasalamana		
Anatin'ny 10km miala ny tranonao ve ny tobim-pahasalamana? %	76%	76%
Misokatra ve ny tobim-pahasalamana aorian'ny ora firavan'ny mpianatra? %	55%	55%
Misokatra ve ny tobim-pahasalamana mandritry ny faran'ny herinandro? %	72%	72%
Ahazoana aina tsara ve ny toerana fiandrasana sy fizahana marary ao amin'ilay tobim-pahasalamana? %	90%	90%
Andoavana sarany ve ny tolotra misy ao amin'ny tobim-pahasalamana? %	9%	9%
Sandany amin'ny ankapobeany (Dolara)	\$2	\$2
Kalitaon'ny fikarakarana		
Ahitana mpanolon-tsaina olon-tsahala ve (nanampy)? %	76%	76%
Tanora voahaja nandritry ny fizahana %	98%	98%
Tanora tsy niaraka tamin'ny Ray aman-dReniny %	47%	47%
Tanora nilaza ny fanajana ny lafiny manokana %	57%	57%
Tanora nanamafy ny fiantohana ny fanajana ny tsiambaratelo %	79%	79%
Ampy tsara ny fotoana natokan'ny mpiasan'ny fahasalamana ho an'ny tanora %	98%	98%
Fahazoan'ny tanora fampahalalana mifanaraka amin'ny filany %	93%	93%
Tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana (%)		
Fahasalaman'ny Reny		
%Tanora nangataka ny hanao fanabeazana aizana	21%	21%
%Ireo tanora nitaky ka nahazo ireo tolotra amina fanabeazana aizana	41%	41%
%Tovovavy nangataka ny hanao ny fitiliana fitondrana vohoka	9%	9%
%Tovovavy nangataka ny hanao ny fitiliana fitondrana vohoka ka afaka nanao izany	67%	67%
%Tovovavy bevohoka	4%	4%
Fahasalamana mandritra ny fadimbolana		
%Tovovavy nangataka irony salaka fanao amin'ny fotoanan'ny fadimbolana	3%	3%
%Ireo nangataka salaka ka nahazo	100%	100%
VIH SIDA sy ireo aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo		
%Tovolahy nangataka ny ho atao didim-poitra	15%	15%
%Tovolahy nangataka ka nahazo fotoana hanaovana didim-poitra	93%	93%
%Ireo nangataka fitiliana ny otrik'aretina VIH	29%	29%
%Ireo nangataka fitiliana ny otrik'aretina VIH ka nahazo	98%	98%
%Ireo nangataka hanao fitiliana ireo areti-mifindra azo avy amin'ny firaisana ara-nofo	13%	13%
%Ireo nangataka hanao fitiliana ireo areti-mifindra azo avy amin'ny firaisana ka nahazo	96%	96%
%Nangataka ireo fanafody hanalefahana ny fivoaran'ny tsimok'aretina VIH (ho an'ireo efa tratra)	6%	6%
%Nangataka ireo fanafody hanalefahana ny fivoaran'ny tsimok'aretina VIH ka nahazo izany	60%	60%
%-n'ireo nilaza fa manontany momba ny fahasalamana ara-tsaina ireo mpiasan'ny fahasalamana	81%	81%